


## ALAHADY PAKA II - TAONA D2022



**« Raiso ny Fanahy Masina: ny fahotana izay havelanareo dia ho voavela, ary izay hotananareo dia ho voatana » (Jo. 20 : 23) »**

Ry Kristianina havana, mbola ao anatin'ny herinandro fankalazana ny Paka isika izao. Namakivaky ny havalona masina isika nanomboka ny Alatsinainy amin'ny Paka ka tonga amin'izao Alahady faharoan'ny Paka izao izay antsoina hoe "Quasimodo" izany hoe mbola pakas satria mitantara ny fitsanganan'I Jesoa ho velona. Izy miseho amin'ny mpiantra.

Antritantrerin'ny tenin'Andriamanitra arosan'ny Eglizy ho sakafo mamelona antsika ny fototry ny finoantsika dia I Jesoa nandresy ny ratsy ka nitsangan-ko velona. Tafatsangan-ko velona tokoa ny Tompo, Aleloia. Ny Aleloia dia fankalazana ny fandresen'Andriamanitra. Tian'ny Eglizy ho tsapantsika mandritra izao vanimpotoan'ny Paka ireo toe-panay fototra hivelomantsika ny finoan'ny Paka mba haha-OLON-

Vakiteny I : Asa 5, 12-16

Tononkira : Salamo 115

Vakiteny II : Apôk. 1, 9-11a. 12-13. 17-

19 Evanjely : Jo. 20, 19-31

DEHIBEN'NY FINOANA ANTSIKA. Tena sarobidy ho antsika tokoa izao vanim-potoanan'ny Paka izao ho antsika miatriaka izao sinaody izao satria ny tanjon'ny Sinaody dia ny hahatonga antsika HO EGLIZY OLO VELOMIN'NY BATEMY MIARA-DALANA MIOMBONA MANDRAY AN-TANANA ZARY

MISIONERA TABERNAKLA VELONA. Mitaky toe-panahy fototra izany fa indrindra maniry HIALA AMIN'NY RAFI-PAHOTANA ISIKA KA HAMETRAKA RAFITRA HAHITANTSIKA FIVELARANA NY MAHA OLONA MANONTOLO SY NY OOLON-DREHETRA. Ny vokatry ny finoana izay ho lalintsika anio avy amin'ny valintenin'i Md Thomas dia ny fiovam-penitra mahery eo amin'ny fifandraisantsika amin'ny zava-boary, amin'ny fifandraisantsika eo anivon'ny fiaraha-monina ary mazava ho azy ny fifandraisantsika amin'Andriamanitra. Tsy tanteraka io fifandraisana io raha tsy ao anatin'ny tontolom-piainan'ny fifamelankeloka sy famindrampo ka mitondra amin'ny fiampitoniana ka afaka miafampiresaka sy mifanatona. Mila volena noho izany ny "culture de la Miséricorde", tontolom-piainana mikolokolo fifamelan-keloka sy famindrampo

Izany rehetra no hibanjinintsika miaraka amin'ireo tenin'Andriamanitra amin'izao Alahadin'ny famindram-po, Alahady faharoan'ny Paka izao. Ny Papa, Md Joany Paoly II, no nampisongadina ny Alahady faharoa amin'ny Paka hibanjinana bebe kokoa ny famindram-pon'Andriamanitra satria io no vokatry ny fitsanganan-ko velona. Noho ny famindram-pon'Andriamanitra sy ny fifamelon-keloka dia miditra ao amin'ny fiadanan'Andriamanitra isika, tsy ny fiadanan'izao tontolo izao fa fiadanan'i Jesoa Kristy. Ny fandriam-pahalemana entin'izao tontolo izao dia vokatry ny famoretana, herisetra..... Ranomaso no vokatr'ireny matetika. Milaza miara-mahita raha mandinika ny zavamisy. Io ilay rafi-pahotana voalazantsika. Mila VOLENA IO TONTOLOM-PIAINANA MIKOLOKLO FAMINDRAMPO SY FIFAMELANKELOKA. Io no lalana afahana manorina ny FIANAKAVIAM-BEN-JANGNAHARY, OLO ARAIKY ISIKA JIABY, FRATELLI TUTTI. Tanteraka izany satria tonga zanak'Andriamanitra isika, rehefa vita batemy.

Nisy rano sy rà nivoaka avy amin'ny Fon'i Jesoa nolefonina ka teraka ny Eglizy. Tsy inona ny Eglizy fa Fianakavian'Andriamanitra Isika vita Batemy no mandrafitra ny Eglizy Fianakaviam-ben-Janahary? Io no vaovao mahafalin'ny Paka. Ny Papa Fransoa mamerina matetika fa tsy ho hisy eo amin'ny ivon'ny fiainantsika ny fandriam-pahalemana sy ny fiadanana raha tsy misy fifamelon-keloka sy famindrampo. Ho eo anivontsika ny fiadanana raha mampanjaka ny famindram-po isika. Araky ny fantantsika, i Md Joany dia manantitrantitra mandrakariva fa rehefa tafatsangan-ko velona i Jesoa ka nihaona tamin'ny mpianany, dia milaza amin'izy ireo hoe :*"Ho aminareo anie ny fiadanana"*. Rarintsika ho antsika koa izany satria ny fiadanana no vokatry ny Paka. Teny fiarahabana nataon'i Jesoa tamin'ny mpianany ny firariana fiadanana izay antsoina koa hoe fiarahabana apôstôlika. Atolotra ho antsika izany tso-drano firariana fiadanana izany isaky ny manomboka ny Eokaristia isika satria ny Eokaristia dia ankalazantsika ny Paka izany hoe fandalovana miala tamin'ny fiainana taloha izay mamatopatotra antsika ka miditra amin'ny fiainam-baovao feno fiadanan'i Kristy. Tandindon'izany isika miditra amin'ny varavaran'ny eglizy, miditra amin'ny tranon'Andriamanitra, tranon'ny famindram-pon'Andriamanitra.

Ny Evanjely androany manambara amintsika fa faly ireo mpianatra naheno ny fiarahaban'i Jesoa fa indrisy tsy teo i Tomà. Vaovao mahafaly izany, tsy hoe i Tomà tsy teo na tsy nino no vaovao mahafaly fa ny faneken'i Tomà, izy no azo lazaina fa solontenantsika mianakavy nanao ny fiekem-pinoana. Matetika misy fisalasalana ny fiainantsika na dia te-hino ny fandresen'i Jesoa ny fahafatesana aza, matetika isika tsy mino raha tsy mahita porofo ka raha tsy mametraka ny tanantsika tahaka ny nataon'i Tomà dia tsy mino. Nony afaka havalooana, raha mbola nivory tao antrano ihany ny mpianany sady teo koa i Tômà, dia tonga i Jesoa, nefa nirindrina ny varavarana.

Nitsangana teo afovoany Izy ka nanao hoe: *“Ho aminareo anie ny fiadanana!”*. Ary hoy Izy tamin’i Tômà: *“Ataovy eto ny rantsan-tananao, ka zahao ny tanako, ary arosoy ny tananao, ka ateheto amin’ny tratrako; dia minoa, fa aza malain-kino”*. Dia namaly i Tômà ka nanao taminy hoe: *“Tompoko sy Andriamanitra!”*. Fa hoy i Jesoa taminy: *“Nino ianao, ry Tômà, satria nahita Ahy; sambatra izay tsy nahita ka nino”*. Tsy nikasika intsony i Tomà fa tonga dia nino. Ny hasambarantsika dia tsy inona fa ny asa vokatry ny asan’ny Fanahy masina, ny finoantsika, ny fiadanana nentin’i Kristy hiraintsika ka miombona antsika amin’Andriamanitra, izany no fahamasinana. Izany no ankalazaina amin’izao Alahady faharoa, fankalazana ny Paka izao.

Henontsika tamin’ny vakiteny voalohany fa niray saina sy niray fo ny mpino rehetra. Ny fiombonana dia vokatry ny fandresena ny ratsy, vokatry ny fiadanana, vokatry ny fifamindram-po sy fifamelan-keloka. Niray fo ny mpino rehetra nankalaza an’Andriamanitra. Izany no lazaintsika raha mamerimberina isika fa Katolika aho ka halaliniko ny finoako, Katolika aho ka ankalazaiko ny finoako, Katolika aho ka mandray an-tànana ny finoako, Katolika aho ka zaraiko ny finoako, Katolika aho iainako ny finoako ka manompo ireo mpiara-belona amiko aho . Voalaza ao amin’ny taratasin’ny Asan’ny Apôstôly amin’ny vakiteny voalohany izany. Raha mandresy ny ratsy isika dia tsy hisy intsony ny efitrefitra izay avy amin’ny avonavona ao amintsika, ny fialonana ao amintsika, ny fitiavan-tena izay mamorona ny rindrina fa i Jesoa kosa nandrava an’izany rehetra izany. Fasana foana no hitan’ireo vehivavy izay namonjy ny fasana tamin’ny Alahadin’ny Paka. Izany koa no mbola vokatry ny finoantsika raha miezaka mivelona ny finoana ka afaka milaza fa foana ny fasana izany hoe foana ireo rindrina sy efitrefitra fa olo araiky ao amin’Andriamanitra isika vokatry ny famindram-pon’Andriamanitra sy famelan-keloka omen’Andriamanitra.

Manamafy i Md Joany amin’ny taratasiny rehefa nandalina izany rehetra izany ka nilaza fa entanin’ny Fanahy masina izay mino fa i Jesoa Kristy dia nateraka avy amin’Andriamanitra. Fahaterahana vaovao ny Paka, zava-boahary vaovao tokoa isika, Eglizy Olona Velona isika vokatry ny Paka ka manorina Eglizy Tranon’Andriamanitra izany hoe ilay Tranoben’Andriamanitra. Voakolokolo tsara ny tontolo iainantsika, izany no fanantenana. Ny tontolom-pifandraisantsika sy ny tontolom-piainantsika dia tsy misy efitrefitra intsony satria rava izany rehetra izany ka olom-baovao ao amin’i Kristy isika, olo araiky amin’Andriamanitra ka zary génération mpanorina ny tranon’Andriamanitra, zava-boahary vaovaon’Andriamanitra. Zanak’Andriamanitra isika ka tonga “génération” vaovao miaraka amin’i Tomà milaza hoe : *“Tompoko sy Andriamanitra”* ka irahina ho mpamafy fanantenana, ho mpamafy fiadanana fa indrindra amin’izao isika miatrika ny sinaody. Tsy matahotra isika, tsy mavozo satria EOY mampiasa ny “chapelle portable” izany hoe isaky ny manao sapile isika dia miditra amin’ny toerana fivavahana, “chapelle”, miaraka amin’i Masina Maria mandinika ny Misterin’ny Famonjena antsika. Ny sapile amin’izay no entintsika hamafazana fanantenana sy fiadanana . ka TABERNAKLA VELONA. Masina Maria ianao no TABERNAKLA VELONA ka ampio izahay hiroso lalindalina hatrany ho feno finona ka zary mitondra an’i Jesoa ka zary TABERNAKLA VELONA tokoa. “ Amen

Mompera Arseveka Benjamin Ramaroson